# NY SOKAJIN-DAHATSORATRA MITANTARA

## Famaritana :

Lahatsoratra mampitamberina zavatra efa lasa amin'ny fotoana ankehitriny, izay mety ho tena nisy na noforonin'ny saina fotsiny ny sokajin-dahatsoratra mitantara.

## Ny firafiny:

Ireto avy ny mandrafitra ny sokajin-dahatsoratra mitantara:

- *Toe-javatra tantaraina:*

Ahitana :

Fiandohana

Singa mpanova manelana izay mampivoatra ny tantara, izay antsoina hoe « VONA »

Famaranana

- *Ny mpandray anjara:*

Izay ahitana:

- Mpandray anjara fototra..... (voaresaka voalohany ka hatramin'ny faran'ny fitantarana)
- Mpandray anjara mpanampy na ravaka (Entina mampivoatra ny tantara)
- Matetika dia misy olana foana eo amin'ny mpandray anjara

- *Toerana sy fotoana nitrangan'ilay zavatra*

## Ny mampiavaka azy:

Ankoatra ny famaritana sy ny firafiny dia anavahana azy koa ny fahitana any ireto:

- Voambolana milaza fotoana lasa toy ny hoe:

- fahiny, fahagola, fony
- indray andro, hono, indray mandeha izay, tamin'izay.....

- Marika ny filazam-potoana lasa betsaka tahaka ny: t-any, n-ianatra..., no-forana, tinapaka, ...

Ohatra :

- Fofombadiko _EDA
- I Vola _ Andry ANDRAINA
- Orimbaton'ny fiadanana_Michel ANDRIANJAFY
- Itrimofoloalina_RABETSIMANDRANTO Fidelys
- Vakivakim-piainana _IPA
- Bina _Auguste RAJAONARIVELO
- Vorom-by _RANDRIAMIADANARIVO
- Ny zanako _ Clarisse RATSIFANDRIHAMANANA
- Miandry anao_ TREZAN (Jasmina RATSIMISETA)
- Ranomaso _ Lys Ber (Joseph Honoré RABEKOTO)
- Irène Ralimà _JJR
- Ikotofetsy sy Imahakaha
- Ny nahatonga ny reniakoho hanilika